

Aiza ny vola fandraisana anjara no haloa ?

- ♦ Ny isam-piangonana, dia samy hanangona ny fandraisana anjara nataon'ny mpino tao aminy.
- ♦ Azon'ny Fiangonana tsirairay atao ny mandrotsaka mivantana ny vola voaray aty amin'ny Foibe FJKM
- ♦ Azon'ny Fiagonana atao koa anefa ny mandrotsaka izany any amin'ny Synodam-paritany misy azy.
- ♦ Ny Vola voaray tany amin'ny Synodamparitany dia arotsany aty amin'ny Foibe FJKM miaraka amin'ny lisitry ny Fiangonana nanefa ny anjarany.
- ♦ Ny Vola voangona dia azo arotsaka amin'ny fotoana rehetra, fa tsy andrasana voavory avokoa satria mandrosoa hatrany asa ataontsika.
- ♦ Rehefa mandrotsaka ny vola isika dia homen'ny Foibe FJKM na ny Synodamparitany Rosia .
- ♦ Hisy hatrany ny tatitra omen'ny Foibe FJKM antsika, ny amin'ny fivoaran'ny asa vita sy ny fandaniana natao tamin'izany.

Ny Kaonty fandrotsahana ny vola KOFEHY VOLAMENA ?

FJKM/ONI N° 00009 05020
1100111013773

BOA Agence B Antaninarenina

*Ity ny laharana finday azo hifandraisantsika
034 31 739 15*

Fanentanana sy Fisaorana

Raha sitrapon'i Jesoa Kristy dia kendrentsika ho efa azo ampamokarina ny fiandohan'ny taona 2020 ny trano fandraisam-bahiny any Mahajanga.

Koa isaorana mialoha sahady isika tomponandraikitra eny anivon'ny Synodamparitany sy ny Fitandremana amin'ny fanentanana ataontsika.

Isaorana indrindra isika Kristiana isambatan' olona, mitondra am-bavaka sy manefa ny anjara tandrify antsika isantaona.

Manantena ny fiombonantsika sy ny fiaraha-mientana, mba hahavitantsika asa mivaingana lehibe; ka hiombom-pifaliana sy hiaraka hisitraka ny vokatry azo.

«Fa maharitra amin'ny fanahy iray hianareo, ka miray fo hiara-miezaka hampandroso ny finoana ny filazantsara» (Fil 1 : 27 d)



FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO
MADAGASIKARA

«Koa aza menatra ny ho
vavolombelon'ny Tompontsika»

(II Tim. 1 : 8 a)

KOFEHY VOLAMENA

Fototra Iorenany

«Andriamanitra Jehovah ka nampahazava antsika. Rohizo kofehy ny fanati-piravoravoana na dia hatreo amin'ny tandroky ny alitara aza» Sal. 118 : 27)

Araka ny fanapahan-kevitra ny Mpiandraikitra Foibe, dia nasiana ny «**KOFEHY VOLAMENA**», izay mampifandray antsika Kristiana FJKM rehetra, ho fanehoana ny fiombonana sy ny fiaraha-mientana amin'ny fanorenana fotodrafitrasa, mba ho loharanom-bola maharitra hiatrehana ireo asa iombonana samihafa: Toeram-panomanana Mpitandrina sy Mpampianatra, Fiahiana ireo Evanjelista, Fiahiana ireo zaza kamboty eny amin'ny Akany, Fiahiana ireo mpiasa iombonana sns,...

Ahoana ny Fanatanterahana ny KOFEHY VOLAMENA ?

Ny Kristiana FJKM rehetra isambatan'olona, dia hanolotra vola Roanjato Ariary (200 Ar), ny mihoatra tsy ferana isan-taona.

Rahoviana no manomboka sy hifarana ny fanatanterahana ny KOFEHY VOLAMENA ?

Atao fiainantsika FJKM ny fanatanterahana azy isan-taona, ka hitohy mandrakariva, fa tsy hisy ny fitsaharany.

Inona ny asa efa vita tamin'ny alalan'ny KOFEHY VOLAMENA ?


Fanorenana trano iray eny Ivato
Fampijoroana ny fiantohana (Assurance)
ARD RIAKA, izay tantanan'ny FJKM

Inona kosa ny asa ataontsika ankehitriny ?

Eo am-pamitana ny TRANO FANDRAISAM-BAHINY any Mahajanga isika ankehitriny.

Marihina fa ezahina hiorina any amin'ny faritany ny ezaka fananganana fotodrafitrasa ataontsika, mba ahafahan'izy ireo misitraka izany koa.

NY ENDRIKY NY TRANO ANY MAHAJANGA, REHEFA VITA



Ireo asa efa vitantsika hatreto

Fananganana ny vata-trano sy ny tafo
Fandalorana ny ao anatin'ny
Ny tontalin'ny vola efa nampiasaina hatreto dia mitentina (82 516 087 Ariary)

NY EZAKA EFA VITANTSIKA HATRAMIN'NY MARSA 2019



Ireo fandaniana mbola hatao

Fandalorana ny ivelany, fametaha ny «Carreaux», fikarakarana ny jiro sy ny rano, ny varavarana, ny fandokoana, ny fampitaovana fanaka ao anatin'ny (Seza, latabatra, fatoriana) sns,...

Ny tontalin'ny vola ilaina ho famitana ny asa sisa, dia vinavinaina ho 90 000 000 Ariary